

ANJOZOROBE

MPIRAHALAHY NISY NAKA AN-KERINY,
NIREFODREFOTRA NY BASY

Gazetiko

www.gazetiko.mg

MARINA IZANY ! 7
MIHAZAKAZAKA !

NY MINO 2
SEHO TOKANA
ENY AMBODIHADY
RAHAMPITSO

IFI - FIRAISANA I 7
MIANTSO NY FILOHA
RAJOELINA HIROTSAKA
HOFIDINA

Laharana 7643 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alatsinainy 14 agositra 2023

LALAON'NY NOSY 2023 3
AFO OLYMPIKA

NOTSENAINA
MAKOTROKA
TANY ANTSI-
RANANA



KITRA - LIGIN'ANALAMANGA 3



VOAFIDY
HO FILOHA
INDRAY
I TÔTA

FIAROVANA NY TONTOLO IAINANA 8
NANAITRA NY FITONDRANA
NY FIRAISAMONIM-PIRENENA

APETRAHO AMIN'I
Siteny
Randrianasoloniaiko
NY FANONTANIANAREO

Ny tapakila dia ho hitanareo
eo amin'ny pejy 2



BAKALOREA 8

NIAKATRA 57,89 % NY TAHAM-
PAHAFAHANA TAO FIANARANTSOA

ROLAND RATSIRAKA 7



"MITRANGA SAHADY NY HALA-
BATO MIALOHA NY FIFIDIANANA"

Telma

MIRESAKA FOANA,
ISAN'ANDRO, ISAN'ORA !

M'Ora 500

500 Ar

25 SMS 25 Mo

TSINDRIO NY #322*20#



GCL 586/26-12

Groupe " Ny Mino "

Seho tokana eny Ambodihady rahampitso !

Mandalo eto Madagasikara amin'izao ny "groupe Ny Mino" izay tarika iray mivoy ny hira ara-pilazantsara. Hanatanteraka fampisehoana ao amin'ny FJKM Ambodihady Ambohimana-rina izy ireo rahampitso. Hanomboka amin'ny roa ora tolakandro ny fotoana. Raha araka ny fanazavana azo moa dia seho iray saika hataon'ny tarika hanamarihana ny faha-10 taona nijoroan'izy ireo tamin'ny 2021 izy io, saingy noho ny fisian'ny valan'aretina Covid nandalo teto amin'ny firenena dia tsy tanteraka izany. Izao indray izy ireo vao tonga eto ka dia hitondra ireo vokatra vaovao fa ny fankalazana kosa dia miandry indray aloha. Raha tsiahivina dia tamin'ny taona 2011 sy 2017 ity tarika ity no efa tonga teto amintsika ary dia manolotra seho tokana



Ireo mandrafitra ny tarika.

tahaka izao foana. Rehefa tsy mandalo eto izy ireo dia any anaty tambajotranteraserana any no ahitana azy sy andrenesana ireo hirany. Efa namoaka rakitsary roa izao izy ireo nandritra izay folo taona mahery nijoroany izay. Hira maromaro no efa voarakitra ao anatin'izany. Miara-miasa amin'ireo tarika ara-pilazantsara eto an-toerana

ihany koa izy ireo. Mandritra ity seho ity izao dia ho avy hanafana ny sehatra ao ny tarika Laurent Rakotomamonjy, ry zareo Rojo Ny Avo ary ny Ampifitia. Tsy manavaka finoana fa afaka manatrika izany avokoa ny rehetra. Seho tokana rahateo io ka antenaina fa ho tonga maro ireo mpankafy rehetra.

Tanya.R

Vavaka fandravana sakana

Nanakoako teny amin'ny Coliseum ny antsam-piderena

Nanakoako teny amin'ny coliseum ny antsam-piderana nandritra ny fotoambavaka niraitsan'ireo mpino marobe avy ao amin'ny fianonana Rhema Fanafahana Iraisam-pirenena notanterahina omaly. Tratra ny tanjona, hoy ny pasitera Adolphe Randrianaivora-velona satria tonga nane-nika ny kianjan'ny Coliseum ireo solontenan'ny mpino manerana ny lafivalon'ny Nosy. Nanatanteraka ny vavaka fandravana sakana, ho fankalazana ny faha-18 taona nijoroan'ny fianonana teto Madagasikara. Niara-paly tamin'ny fankalazana ihany koa ireo



Nandrakotra ny Coliseum ireo mpino marobe, omaly.

pasitera maromaro avy fikambanana CEAEM, sy ny FIMPIFIMA. Tanjon'izy ireo manaraka ny famenoana ny fianonana isaky ny faritra. Eo amin'izay fanitarana ny fianonana izay dia fantatra

fa hamoaka pasitera 33 ny fianonana, anio hanampy ireo 580 efa mikatroka. Ao anatin'ny tanjon'izy ireo ihany koa ny fananganana sekoly ho an'ny zanaky ny fianonana.

Niry R.

Kolontsaina any amin'ny faritra sasany

Anisan'ny tsy mamparisika ny vehivavy hifidy, hoy ny filohan'ny CNFM

Mbola maro be amin'izao ireo faritra mitazona ny fombany, toy ny hoe ny vehivavy tsy miditra amin'ny resaka politika fa natao hikarakara tokantrano. Eo koa ireo fisainana raiki-tampisaka milaza fa tsy misy zava-pantatry ny vehivavy raha izay raharaha eto amin'ny firenena fa ny mikarakara vady aman-janaka ihany no tokony ho andraikiny. Toe-tsaina efa tokony hovina izany, hoy Ramatoa Estelle Andriamasy, filohan'ny CNFM (Conseil National des Femmes de Madagascar). Ny resaka kolontsaina misy ao amin'ny faritra iray sy

ireo toe-tsaina raiki-tampisaka momba ny vehivavy no anisan'ny tsy mamparisika ny vehivavy hifidy, hany ka ambany dia ambany ny tahan'ny vehivavy mandeha mifidy, hoy izy. Izay koa ny mahavitsy ny vehivavy mitana andraikitra ambony eto amin'ny firenena. Noho izay zava-misy izay indrindra dia nanangana tetikasa iray ny fikambanana, iarahana miasa amin'ny PFOI ary tohanan'ny OIF arabola. Tetikasa entina manentana ny vehivavy sy ny tanora mba handeha hifidy izy io. Nisy ny fiofanana mahakasika ny tontolon'ny fifidianana nomen'izy ireo

ho an'ireo vehivavy mpi-kambana, izay natao hampiofana indray ireo vehivavy hafa any amin'ny faritra misy azy avy ireo. Ireto avy moa ireo faritra iantefan'ny tetikasa : Atsimo Atsinanana, Matsiatra Ambony, Atsinanana, Fitovinany, Analamanga, dia misy faritra hafa vitsivitsy koa manampy azy ireo. Nolazain-dRamatoa Estelle moa fa amin'ireo faritra ireo no tena mbola ahitana izay kolontsaina tsy manome sehatra ny vehivavy izay ka izay no antony nifidianana azy ireo.

Tanya.R

HOTSAKOTSAKOINA

"Tsy holazaiko ho goavana ny olana iray raha mino aho fa mbola misy RAY namorona ny taova iray antsoina hoe orona. Noho izany, IZY no afaka hamaha ireo fatorana hivaha." Ny Vetso (30 .03. 14) ("Bien des choses qui paraissent de grand problème n'en sont plus quand on a le nez des-sus." Henri de MONTHERLANT)

Fikambanana Ampela Mionjo

Nanokatra trano fisakafoanana eny 67 Ha Atsimo

Notokanana tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny sabotsy teo ny trano fisakafoanana « ampela mionjo » eny 67 Ha Atsimo, lalana arrêt bus 30 mankany amin'ny Havana, trano miloko mena amin'ny ankavian-dalana, izay natsangan'ny fikambanana Ampela mionjo ihany. Anisan'ny mampiavaka ity trano fisakafoanana ity, hoy ny filohan'ny fikambanana, ny fivarotana sakafo vita malagasy zato isan-jato. Hoezahina hatao ao avokoa ireo karazan-tsakafo mampiavaka ny isam-paritra. Anisan'ny efa ataon'izy ireo izao, ohatra, ny pakopako mampiavaka ny any amin'ny faritra Avaratra. Eo koa ny fanaovana ravintoto sy voanio, ny akoho sy voanio izay fanaon'ny any Atsinanana. Mirary dia mirary koa, hoy izy ireo, ny vidiny ary ny fomba fiasa malaky. Anisan'ny nahavitana izao fotodrafitrasa izao moa ny fanohan'ny « Association Bet 261 » izay tantanan' i Soa



Tahaka izao ny endrik'ilay trano fisakafoanana.

Rova, ilay mpanakanto iray tia manao asa soa. Mahafaly azy ny manampy ity fikambanana ity satria mitovy ny fomba fijery dia ny hanampy ny vehivavy hafa mba hisondrotra eo amin'ny fiainana. Entina manodina ny fikambanana rahateo ny vola azo ao ka dia antenaina fa vao mainka izany hivoatra, hoy izy, ka mba ho

kely ny niandohana fa ho lehibe ny hiafarana. Notoloran'izy ireo fanomezana moa i Soa Rova, nataon'izy ireo ho reny mpiahy ny fikambanana. Manampy ny vehivavy mba hivoatra eo amin'ny fiainana moa ny Ampela Mionjo. Saika misy izany avokoa ny faritra rehetra eto Madagasikara.

Tanya.R

A VOUS LA PAROLE

APETRAHO NY FANONTANIANAO AMIN'NY

Siteny
Randrianasoloniaiko

Izy no vahiny manaraka amin'ity karazan-dahatsoratra manaraka ity



Anarana

Asa

Fanontaniana 1)

Fanontaniana 2)

Hetezana ao anaty gazety ny tapakila ary haterina aty amin'ny Midi Madagasikara Ankorondrano, Lalana Ravoninahitriniarivo, BP1414, Antananarivo 101, mialoha ny 31 aogositra 2023.

Gazetiko

Kitra - Ligin'Analamanga

Voafidy ho filoha faninefany Rakotoarimanana Henintsoa "Tôta"

Tontosa tamin'ny asabotsy lasa teo tetsy amin'ny kaominina Andoharanofotsy ny fifidianana izay ho filoha hitantana ny ligin'Analamanga, eo amin'ny taranja baolina kitra. Voafidy hitantana izany faninefany Rakotoarimanana Henintsoa Hajatiana, "Tôta", izay kandida tokana. Nahazo voto 6 tamin'ny mpifidy 6 (Seksiona Ambohidratrimo, Andramasina, Anjozorobe, Atsimondrano, Renivohitra, Manjakandriana) ny tenany. Tsy nandray anjara kosa ny seksiona Avaradrano. «Fepotoana telo no vita, mbola misy zavatra tokony hatao amin'ny baolina kitra



Izy no Tôta.

mahatonga ahy hilatsaka », hoy i Tôta. « Tsy avela ho very ny zavatra efa natomboka ary tiana hiakatra amin'ny tsara kokoa. Nisy ny tsy vita noho ny zavany teto amin'ny firenena. Isika lohany foana na ny klioba pro League na ny isan'ny mpilalao anatin'ny Barea. Ny tanjona manaraka amin'ity dia mba hipaika kokoa any amin'ny mpilalao. Hiezaka hiady ny hahafahan'ny seksiona mampiasa ireny kianja vitan'ny fanjakana ireny, izay lasa ataon'ny sasany fitadiavam-bola fotsiny. Homena sehatra hikorakara ny fifaninanana ho an'ny

Tanora ianareo seksiona ». Nanome izy toky fa hiezaka hifampiresaka amin'ireny ben'ny tanàna ireny, hahafahany manampy ny klioba any aminy. Raha tsy misy ny hoenti-manana tsy afaka hivoatra mihitsy. Ankoatra izay, hampitomboina ny fampiofanana ho an'ny mpanazatra sy ny mpitsara. «Ny teny nomena tsy maintsy hatao», hoy hatrany izy. Hisy koa ny fihonambe hiarahana amin'ny mpitantana klioba, mpankafy, mpilalao, mpanohana sy ny maro hafa... hanatsarana ity baolina kitra ity, hoy ihany i Tôta, ka hamoahana fehinkevitra aorian'izay. **Rabenaivo**

Kung-fu - AS.NA.KU.FU.MA.BEH.MIRAY

Niala tsiny tamin'ny federasiona ny filohan'ny fikambanana

Andro vitsy aty aoriana dia nanao taratasy fialan-tsiny ho an'ny filohan'ny federasiona ny fikambanana AS.NA.KU.FU.MA.BEH.MIRAY, eo amin'ny taranja haiady King-fu. Voarakitra anatin'izany, izay nosonivavin-dRalaivelomaharavo Albert, filoha amperinasan'ny fikambanana, fa maneho etoana ny fialan-tsiny tanteraka amin'Andriamatoa Rakotoarijaona Avoko sy ny fianakaviany ary ireo rehetra nahatsiaro ho tafintohina tamin'ilay fanambarana nataony, tamin'ny talata 1 aogositra momba ny kung-fu Mala-



Naneho fialan-tsiny tamin'ny federasiona izy ireto.

gasy sy ny lehibeny izy ireo. Tsihivina fa nitondra fanazavana mahakasika ny tantara niainan'ny Kung fu hatramin'ny niforonany sy

ny zavatra nolalaovany ny fikambanana AS.NA.KU.FU.MA.BEH.MIRAY, tetsy amin'ny foiben-toerana Antsobolo. Na dia tsy nanao

valin-dahatsoratra aza ny teo anivon'ny federasiona taorian'ny fanambarana nataon'ity fikambanana ity dia azo antoka fa nisy ny fifampiresahana teo amin'ny roa tonta, ka nahatongavana tamin'izao. Anisan'ny federasiona tsy tia korontana na savorovoro rahateo izy ireo, izay mampiavaka azy amin'ny hafa. Anatra ho an'ny rehetra maniry hanao fanambarana saingy tsy nahazo fankatoavana avy amin'ny federasiona ny toy izao, hisorohana ny mety ho korontana sy savorovoro haterany.

Rabenaivo

Akon'ny Fanatanjahantena

- «**Fifidianana ligy**» - Ireto avy aloha hatreto no filoha lany raha ny vaovao voaray vonjimaika. Alaotra Mangoro: Bernardo Germain Berthon Ndrimasy. Amoron'i Mania: Rakotomaroalafy Hasinirainy Tanjona. Analanjirofo: Ramarosan Jacques. Androy: Henri Jena Michel. Anosy: Ramanandraibe Évariste. Atsimo andrefana: Randrianantenaina Régis. Atsimo Atsinanana: Ratsimbazafy François Régis. Atsinanana: Randrianandrasana Herinatovo Donna. Boeny: Maeva

Portos Houssein. Bongo-lava: Rakotondranandro Justin. Diana: Ndrimparany Anatole Norbert. Matsiatra ambony: Rasolotafika Mamindraibe Andrianome. Itasy: Andriamalala Adolphe. Ihorombe: Ratsimanotry Razafiarison. Menabe: Rabibisoa Noël Bienvenue. Melaky: Tsakora Paul Ben Ali. Sofia: Ranaivohasiavo Bruno V7V: Rabenirina Jacquino.

-«**D2 National**» - Nitohy omaly ny andro faha-5 amin'ny fifanintanana. Tany

Toliara dia nivoaka mpan-dresy tamin'ny isa 3 no ho 1 ny Fc Menanara Atsimo Atsinanana nanoloana ny Fc Vert blanc Anosy. Tany Ambatondrazaka, nomontsanin'ny Fc Rouge Analamanga tamin'ny isa mavesatra 10 noho tsy misy ny FCA Analanjirofo. Tany Tsiroanomandidy, nandresy 4 no ho 1 ny Fc Inate Vakianakaratra raha nifanan-drina tamin'ny Leader Menabe.

-«**Amboaran'ny filoha**» - Resin'ny ekipan'Antananarivo, tamin'ny isa 5 noho 1

ny avy any Toliara, ny sabotsy lasa teo. Omaly kosa dia resin'ny ekipa voafant'Antsiranana tamin'ny isa 3 no ho 2 ny avy any Mahajanga, lalao, izay notanterahina tetsy amin'ny kianjan'ny Elgeco plus bypass avokoa.

-«**Rallye**» - Norombahin'i Faniry sy Mahentsy ny «Rallye TMF» faran'ny herinandro teo. Laharana faharoa i Mathieu raha fahatelo Dani. Niala an-daharana kosa tamin'ny asabotsy i Mika.

Rabenaivo

Lalaon'ny Nosy 2023 - Afo Olympika Notsenaina makotroka tao Antsiranana



Ny filoham-pirenena Rajoelina Andry nitsena ny Afo Olimpika tany Antsiranana mlaraka amin'ilay mpihazakazaka kalaza, Sidonie Fiadanantsoa.

Efa eto Madagasikara amin'izao fotoana izao ny Afo Olympika. Taorian'ny nakan'ny delegasiona mafonja, notarihan'ny Minisitry Resampa Haja André azy ity tetsy amin'ny Nosy Maorisy ny zoma lasa teo dia nigadona tao Antsiranana ny Afo Olympika ny asabotsy 12 aogositra. Noraisin'ny vahoaka tamin'ny fomba manetriketrika izany ary tonga tany an-toerana ny filoham-pirenena Rajoelina Andry nanome voninahitra izany. Omaly dia efa tany Mahajanga ny afo olympika, izay mbola hitety ireo renivohiparitany hafa, toa an'i Toliara, Fianarantsoa, Toamasina alohan'ny higadonana eto Antananarivo. 11 andro eo tokoa sisa dia higadonana ny fotoana hanatanterahana ity lalaon'ny nosy andiany faha-11 ity. Efa anatin'ny fikarakarana tanteraka isika, na ny fandraisana ny delegasiona vahiny na ny eo amin'ny fanomanana ireo atleta malagasy, izay anatin'ny hitsy toraka farany avokoa amin'izao fotoana izao. Taorian'ireny disadisa tsy fifankahazoana teo ireny dia efa miravona ny olana ary mandeha tsara avokoa ny fikarakarana ny atleta any amin'ireo toerana ipetrahana sy anaovana fampivondronana. Efa nanambara rahateo ny filoham-pirenena fa tsy maintsy voalohany i Madagasikara amin'ity andiany faha-11 ity, ka dia ny fiaraha-mientan'ny rehetra izany sisa no andrasana.

Rabenaivo

Any Ivelany

-«**Mondial vehivavy**» - Efa fantatra avokoa ireo firenena hihaona amin'ny manasa-dalan'ny fiadiana ny tompondaka eran-tany, andiany faha-9, ho an'ny sokazy vehivavy. Espana hifandona amin'i Soeda ary Aostralia hihaona amin'ny Angletera. Tsihivina fa resin-dry zareo Espana, tamin'ny isa 2 no ho 1 teo amin'ny ampahefa-dalana ny Hollandaise. Tany amin'ny «tirs au but» (7-6) kosa no nanilihan'i Aostralia an-dry zareo Frantsay.

Rabenaivo

PETITES ANNONCES Gazetiko

MIVIDY

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / *033.01.764.83. (G-BA 609/17-17)

* Debara, fanaka, TV, frigo, vy, boky, kilalao, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 613/20-10)

* Debara, kilalao, korontana, lakozy, lamba, kiraro, fanaka. Tél : 034.61.958.82 / 032.52.755.16. (G-BA 618/12-9)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia etc...Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 614/20-9)

* Fanaka, frigo, congélateur, machine, kojakoja-dakozia. Tél : 032.40.056.16 / 033.11.173.27. (G-BA 615/20-9)

COURS

* Cours de Vacances : Anglais, Français, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 621/5-2)

SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, curage. Tél : 034.84.866.77. (G-BA 620/6-4)

VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdu & puisard. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 619/23-5)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 622/6-2)

* Manao asa momban'ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 622/6-2)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 622/6-2)

Ambongamarina Anjozorobe

Mpirahalahy nisy naka an-keriny, nirefodrefotra ny basy

*Tokantrano roa samihafa
no nakan'ireo jiolahy
azy mirahalany ireto.*

Nitrangan'ny fakana ankeriny indray tany amin'ny faritra Anjozorobe iny ny faran'ny herinandro teo. Mpirahalahy, zanak'olomianadahy, mpiray tanàna no nalain'ny jiolahy ankeriny ny alin'ny zoma lasa teo tao Anorana, kaominina Ambongamarina, distrikan' Anjozorobe. Jiolahy folo mahery nirongo basy no niditra an-keriny tao amin'ny

tokantrano roa nisy azy mirahalaha ireto, tao Anorana. Avy hatrany dia nanapoaka basy ireo jiolahy nandrahonany ny mponina ka nirefodrefotra ny poa-basy. Rehefa izany dia niditra tao amin'ny tokantrano iray voalohany aloha izy ireo. Norahonany tamin'ny basy ireo rehetra tao an-trano. Nalaina ny finday sy ny vola ary rehefa izany dia nentiny an-keriny nanaraka azy ilay tovolahy iray tao. Nifindra tao amin'ilay trano faharoa indray ireo jiolahy ary rehefa nandroba izy ireo dia naka

an-keriny ilay zazalahy iray. Tanàna iray ihany no nisy azy mirahalaha ireto saingy samy manana ny tranony fotsiny. Roapolo taona sy Sivy ambinifolo taona eo izy roa lahy nisy naka an-keriny ireo.

Tsy fantatra

Nentin'ireo jiolahy nanaraka azy izy roa lahy ary mbola nanohy nanao tifi-danitra hatrany izy ireo teny am-pitsoahana nivoaka ny tanàna. Nampandre ny mpitandro filaminana avy hatrany kosa ny fiananka-

viana. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao ka mandeha ny fikarohana ireo jiolahy. Tsy mbola nahazoam-baovao anefa hatreto ny momba azy mirahalahy ireo. Tsy mbola nisy ihany koa ny fitakiam-bola nataon'ireo jiolahy tamin'ny fianankaviana toy ny amin'ny tranga fakana an-keriny mahazatra. Araka izany dia tsy fantatra ihany koa ny toerana nitondran'ireo jiolahy azy ireo. Mitohy ny fikarohana.

R.C

Soanierana

Mpitondra môtô nisy nitifitra, maty tsy trà-drano

Mahazo vahana mihitsy ity halatra môto ataon'ny jiolahy mirongo basy ity. Tato anatin'ny tapa-bolana dia tranga telo sahadry no niseho ary roa no namoy ny ainy tamin'izany. Lehilahy iray indray mantsy no nisy nitifitra teny ambonin'ny môto nentiny ny faran'ny herinandro teo teny Soanierana. Araka ny fanazavana azo dia nisy nanambana basy ity lehilahy mpitondra môto ity raha sendra nijanona niandry olona. Niezaka nanohitra anefa ilay tompon'ny môto, satria ilay môto mihitsy no nokendren'ilay olon-dratsy hangalarina. Avy hatrany anefa dia nitifitra io ka voa teo amin'ny kibony izy. Na teo aza ny fahavoazany dia mbola nahavita niantso vonjy izy ka vaky nandositra ilay jiolahy. Tsy lasa kosa ilay môto. Taitra ny olona raha nahita ny fahavoazan'ilay lehilahy ka novonjena nentina haingana teny amin'ny hopitaly HJRA Ampefiloha izy. Indrisy anefa fa tsy tana ny ainy noho ny ratra sy ny rà betsaka very taminy. Efa eo am-pelatanan'ny mpitondra filaminana moa ny raharaha amin'izao. Mihorohoro tanteraka mihitsy ireo mpitondra môto amin'izao amin'ity firongatry ny tsy fandriam-pahalemana ity, satria maro izay efa lasibatra tamin'izy ireo izay. Toa efa misy tambajotran-jiolahy matanjaka mihitsy manao ity halatra môto ity, izay tsy misalasa mampiasa ny fitaovam-piadiana mba hahazoany izay tadiaviny.

R.C

R.C

Antsirabe

Fiara 4x4 nivadika, mpivady niara-maty

Lozam-pifamoivoizana
 namoizana ain'olona indray
 ity nitranga tao Antsoantany
 Antsirabe ity, omaly tokony
 ho tamin'ny 11ora anto-
 andro. Fiara tsy mataho-
 dâlana iray avy aty Antana-
 narivo nihazo an'Antsirabe
 no trâ-doza teo amin'io
 toerana io. Vokany, olona
 roa no namoy ny ainy, izay
 mpivady, ary roa hafa
 naratra. Araka ny fanaza-
 vana azo dia vaky kodia-
 rana ilay fiara ka tafavoaka
 ny lâlana ary nivadibadika
 ambony ambany. Tonga dia
 nipitika avy ao anaty fiara
 mihitsy ilay ramatoa ary
 maty tsy trâ-drano noho ny
 ratra sy ny dona nahazo



Fantatra fa fiara nitondra ny Talem-paritry ny Asa Vaventy eto Analamanga ity trà-doza ity.

azy. Namoy ny ainy ihany
koa ilay rangahy vadiny
nitondra ny familiana.
Naratra ihany koa ireo olona
roa niaraka tamin'izy ireo

nipetraka tao aoriana. Efa nalefa notsaboina any amin' ny hopitaly avokoa ireo roa naratra ireo.

Nisesisesv

Fantatra tamin'ny fanadihadiana natao fa fiara nitondra ny Talem-paritry ny Asa Vaventy eto Analamanga ity trã-doza ity ka niara-namoy ny ainy tamin'izany izy sy ny vadiny. Efa tonga nijery ifotony ny zava-nitranga teny an-toerana avy hatrany moa ny mpitandro filaminana raha vao nandre ny zava-nitranga saingy tsy nisy azo natao tamin'izy mivady intsony. Voamarika fa tena nisesisesy mihitsy ny lozam-pifamoivoizana nitranga tato ho ato izay ka tokony ho mailo sy hitandrina hatrany ny mpamily hisorohana ny loza. **R.C**

R.C

Vangaindrano

**Dahalo 16 lahy nanafika,
iray maty voatifitra**

Nisehoan'ny fanafihan-dahalo tao amin'ny fokontany Tsararano, kaominina lara, distrikan'i Vangaindrano. Dahalo enina ambinifolo lahy nirongo basy no nanafika tao an-toerana ny alakamisy alina lasa teo. Nirefodrefotra ny basy. Lasan'ireo dahalo tamin'izany ny omby miisa roa ambinifolo. Ankoatra ny omby dia nobatain'ireo dahalo ihany koa ny vilany roa lehibe tao amin'ny tokantrano iray niaraka tamin'ny bodofotsy miisa efatra sy fitafiana maromaro. Nitsoaka nandositra niaraka tamin'ny omby avy hatrany ireo dahalo taorian'izany. Nampandre ny mpitandro filaminana ny mponina ka niroso tamin'ny fanarahan-dia ny miaramila sy ny fokonolona. Nitsofoka tany anaty ala ny lalan'ireo dahalo ka raikitra ny fifandonana. Vokany, dahalo iray no maty voatifitra ary azo avokoa ny omby rehetra. Efa naverina amin'ny tompony avokoa moa ireo omby. Mbola mitohy kosa ny fanarahan-dia ataon'ny mpitandro filaminana.

R.C

Anosizato

Rangahy notifirina teo imason'ny vadiny

Nandritra ny fanenjehana jiolahy nataon'ny polisy teny amin'ny faritra Anosizato iny, ny alakamisy lasa teo, no nahafaty ity rangahy ity. Teo imason'ny vady aman-janany mihitsy no voalaza fa nitifirana azy ka teo amin'ny handriny no nidiran'ny bala. Raha ny fanazavana dia noheverin'ny polisy fa anisan'ireo jiolahy nenjehina ihany koa izy ka tonga dia notifiriny azy io namoy ny

ainy io. Nanambara anefa ny vadiny fa tsy jiolahy izany izy fa mpitondra lakana mampita olona eo Anosizato sy Anosipatrana. Efa nandohalika nifona izy, hoy hatrany ny fanazavana, kanefa mbola notifirina ihany. Tsy misy ifandraisany amin'ireo jiolahy akory izy, hoy ny vadiny. Teo anatrehan'izany dia voalaza fa nanao fanangonan-tsonia mihitsy ny mpiara-monina

teo Anosizato nanambara fa
olo-marina io lehilahy voa-
titifitra io ka izao vao nomena
ny fianankaviana ny fatiny.
Voalaza fa lehilahy kristiana
ary mpitory teny an-
kalamanjana ireny ihany
koa izy sy ny fianankaviany.
Mangataka ny fiananka-
viana araka izany mba
hijerena akaiky ity tranga ity.

R.C

TATSY SY TAROA

Rangahy iray tokony ho 59 taona no hita faty nitsirara teo amin'ny arabe teny Mandrosoa Ivato ny zoma lasa teo tokony ho tamin'ny 10 ora alina. Raha ny fanazavana dia voadonan'ny fiara no nahafaty azy. Tsy hita anefa ilay fiara nandona fa lasa nitsoaka ka mbola karohina amin'izao. Efa natolotra ny havany kosa ny razana taorian'ny fizahana nataon' ny tomponandraikitra.

Zazalahikely 6 taona ihany koa no voalaza fa nisy naka an-keriny tao

Antanambao Ankilivalo, any Morondava, ny sabotsy lasa teo. Raha ny fana-zavana azo dia roa lahy no naka ilay zaza any nentin'izy ireo tamin'ny "cyclopousse". Nisy nahatsikaritra izany ka nampandrenesina avy hatrany ny mpitandro filaminana. Efa mandeha ny fanadihadiana sy ny fikarohana amin'izao.

Nitrangan'ny lozampifamoivoizana nahafatesana olona indray tao Nosy be omaly. Fiara starex iray no nivadika. Vokany, olona iray no namoy ny ainy

ary maro ny naratra. Efa nalefa notsaboina any amin'ny hopitaly avokoa ireo naratra. Efa manao ny fanadihadiana ihany koa ny mpitandro filaminana.

Olona telo no tratran'ny fanapoizinana ara-tsakafo tao Morondava ny faran'ny herinandro teo iny. Nentina namonjy hopitaly avy hatrany izy ireo taorian'ny tranga nahazo azy ireo. Efa samy nalefa nody avokoa izy ireo rehefa nahazo ny fitsaboana sahaza azy avy.

R.C

MANAL'AZY DE MI'MEME



Sarisary zary tenany Mieritrereta **Hatsikana an-tsary** Dedaka



Masoandro iposaka

Jaona 12:25

25 izay tia ny ainy no mahavery izany; fa izay mankahala ny ainy amin'izao fiainana izao no hiaro izany ho amin'ny fiainana mandrakizay.

Indray mipika

TSARA NY MIEZAKA, KANETA. OMBAN'NY AMBOA MANANA

Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05



Noho lan'ao...

Panel 1: NENY MAHANTRA TADIDIKO ARY EFA HITAKO TA LOHA FA MPAN GATRAKA KANAO

Panel 2: INDRISY ANAKA

Panel 3: OSA ERY AHO ARY MANATSAMPA HERY Hafa rehetra mi jeru anao ato...

Panel 4: FAMBEO IZA TOKOA MORA IZANY BAIKO IZANY IZA NO ANARANY

Panel 5: MIAHA-TSINY ALOHA RY ZARAO FA EFA ELA NO NISY NANDO NA ATSY

Panel 6: MINO AHO FA ILAY YADIKO IZAY... AHO HOTSENAIKO JETIVELY IZAY..

Panel 7: NDELLANA AKIA...

Chabotana

Aza mila voa tsy ary : mangata-pary iray vany ka mitady izay tsy hiraaisana.

Ne demandez pas l'impossible : (comme de) demander un morceau de canne à sucre (à celui qui n'en a qu'un lui-même) et chercher ainsi querelle (litt. la séparation).

Sudoku Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 3023

5	3			4			1	
	4				1	6		
9						2		
			1	6	4			
			9					
				7	2			9
4						3		2
	7	3				1	5	
6			7				4	

Valin'ny laharana 3022

9	7	8	2	5	6	3	4	1
2	4	5	9	3	1	7	8	6
3	1	6	4	8	7	9	5	2
1	5	9	7	6	3	8	2	4
6	3	2	1	4	8	5	7	9
7	8	4	5	2	9	1	6	3
4	9	7	8	1	2	6	3	5
5	6	1	3	7	4	2	9	8
8	2	3	6	9	5	4	1	7

Roland Ratsiraka

“Mitranga sahadry ny hala-bato alohan’ny fifidianana”

Isan'ny endrika isehoan' izany ny fanomezana baiko ireo tomponan-draikitra any ifotony mba hanatsara ny sarin' ny Filoham-pirenena, araka ny fomba fijerin'io mpanao politika io.

48 ora taorian'ny nanam-barany mivantana ny maha kandida azy amin'ny fifidia-nana filoham-pirenena manaraka dia tonga teny Ankadi-fotsy nanao sonia ny satampitondrantenan'ny antoko politika sy ny mpilatsaka hofidina novolavolain'ny FES Madagascar, fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana, ny filohan'ny antoko Malagasy Tonga Saina Roland Ratsiraka. Izy, araka izany, no mpanao politika faha-22 nanaiky fa tsy misy afa-tsy fifidianana ihany no hany lalana demokratika ekena ahazoana

fahefana ary anome toky fa hanao izay tratra ny heriny hahatanteraka fifidianana malalaka, mangarahara sy ara-drainy ary mandala ny fifandeferana araka ny fenitra demokratika, lavitra ny teritery sy fampitahorana ary antsojay. Ao anatin'izay tontolon'ny fifidianana izay hatrany, milaza ho mahatsikaritra Ing. Roland Ratsiraka fa mitranga sahady ny halabato amin'izao vanimpotoana alohan'ny fifidianana izao. Nasiany resaka tamin'izany ny lisi-pifidianana, izay araka ny fanazavany dia lavitra ny fahadiovana noho ny paipaika sy firaisana tsikombakomba nataon'ny mpanatanteraka sy ireo sampandraharaha samihafa niantsooka ny fandrafetana izany. Ambonin'izany, isan'ny endrika isehoan'ny hala-bato amin'izao telo volana alohan'ny fifidianana izao ihany koa, hoy izy, ny fanomezana baiko ireo tomponandrai

kitra any ifotony mba
hanatsara ny sarin'ny
Filoham-pirenena amin'ny
vahoaka sy ny fampiasana
ny fitaovam-panjakana ho
an'ny tombotsoan'ny tena
manokana.

Ekipa vaovao

Etsy andanin'izany, raha hiverenana ny mikasika ilay fanapahan-kevitra ny depiote Roland Ratsiraka mikasika ny maha kandida azy amin'ny fifidianana filoham-pirenena manaraka, dia toy izao manaraka izao no nambarany ho antony nanosika azy tamin'izany. "Hitantsika isan'andro fa voahitsakitsaka tanteraka ny soatoavina repoblikana, toy ny tany tan-dalàna sy ny fahaiza-mitantana. Ny laharam-pahamehana ho an'ny mpitondra eto amintsika dia ny fangoronan-karena sy ny fanararaotam-pahefana, tsy mieritreritra ny vahoaka na ny Firenena. Atao tsinon-tsinona na potika mihitsy azy

ny sehatra rehetra isan' andro, toy ny fanabeazam-pirenena, ny fambolena, ny fotodrafitrasam-panjakana ary ny lalana. Mampalahelo ahy tokoa ny fahitako ireny fahasimbana rehetra ireny, amin'ny maha olom-pirenena malagasy ny tenako. Henoko ny antsonareo avy amin'ny faritra rehetra manerana an'i Madagasikara, indrindra fa avy amin'ireo izay mahatsapa fa mendrika ny tsara kokoa ny firenena ary tsy lahatra ny fahantrana. Eny ny vahoaka malagasy sy mpiray tanindrazana, mendrika ekipa vaovao, madio, manana toe-tsaina mendrika, manana traikefa, hitondra ny firenentsika i Madagasikara. Koa ambarako aminareo izany fa kandida amin'ny fifidianana ho Filoham-pirenena amin'ny 9 novambra 2023 ny tenako", hoy izy tamin' izany.

Mamy R.

Antsiranana

Nitokana fotodrafitrasa marolafy ny Filoha Andry Rajoelina

Nibahan-toerana tamin'ny fitsidihana nataon'ny Filoha tany Antsiranana ny faran'ny herinandro teo ny fitokanana ireo fotodrafitras marolafy toy ny eo amin'ny sehatry ny angovo sy ny fanamboarahan-dalana ho fanatsarana ny tanàna. Tafiditra ao anatin'izany ny fitokanana ny toby mpamokatra herinaratra mandeha amin'ny herin'ny masoandro, an'ny orinasa ENELEC ao Ramena. Mampokatra herinaratra 9 Mgtw ity andiany voalohany ity. Araka ny fanazavana voaray, dia ho tonga 49 mgwt izy rehefa vita tanteraka ny andiany faharoa. Ankoatra io, anisan'ny fotodrafitrasa notokanan'ny Filoha Andry Rajoelina tao Antsiranana ihany koa ny lalana "dégagement Est", izay nomena ny anarana hoe "Lalana général Mou-nibou Ismaël", sy ny lalana



Ny Filoha Andry Rajoelina nitokana fotodrafitrasa tao Diego ny faran'ny herinandro teo.

"La corniche Melville". Raha izay ny eo amin'ny lafiny fotodrafitrasa, isan'ny antondian'ny Filoha Andry Rajoelina tany Antsiranana ihany koa ny fandraisana ny afon'ny Lalaon'ny Nosy

hotanterahana eto amin-tsika afaka andro vitsivitsy.

Lalaon'ny Nosy

Nandray izany tany antoerana moa ny Filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina niaraka tamin'ny Atlet

Sidonie izay vao nandrombaka ny medaly volamena tamin'ny lalao farany izay nataony. "Ankafaliana no nandraisako ny afon'ny Lalaon'ny Nosy anio hariva (sabotsy) niaraka tamin'ny mponin'Antsiranana.Tonga eto amintsika izany afo izany, izay midika fa raisin'i Madagasikara amin'ny fomba ofisialy tsy ho ela ny Lalaon'ny Nosy andiany faha-11. Afo natao hampiredareda ao am-pontsika ny firaisankina, ny firaisantsaina sy ny firaisam-po », hoy ny Filoha. Namafisiny fa ny Malagasy tsy an-kana-vaka dia miaraka manohana ireo atleta rehetra, ary tsy maintsy ho voalohany i Madagasikara. Hihazo an'i Mahajanga, Toliara, Fianarantsoa, Toamasina izany afo izany vao ho raisina eto Antananarivo amin'ny faha 23 aogositra izao. **JUDD**

TOLOTRA MANOKANA *Gazetiko*

Noho ny fahatrarany ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."

Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.

[illegible]

Anarana :

Fanampiny :

Adiresy :

Nomerao C.I.N :

Tél. :

POLITIKA

Marina izany !

Mihazakazaka !

Hanomboka ny 25 aogositra 2023 ny Lalaon'ny Nosy andiany faha-11 hatao eto Madagasikara. Raha izay ny amin'ny tontolon'ny fantanjahantena, hanomboka ny 23 aogositra 2023 ny fandrotsahana ny antontan-taratasy filatsahan-kofidina ho filoham-pirenena hatao amin'ny famparan'ity taona ity. Mihazakazaka ny raharaha na eo amin'ny sehatry ny fantanjahantena izany na eo amin'ny tontolo politika. Ho an'iry voalohany aloha nanao sesilany ny fanaterana fanampiana ireo atleta amin'ny taranja samihafa tamin'ny herinandro lasa iny nataon'ireo minisitra mpiahy isan-taranja. Miova tsy toy ny hazakazaka ilay izy, satria nitranga izany taorian'ny fanambarana nataon'ireo federasiona ny amin'ny ahiahiny momba ny atleta hiatrika ny fifaninanana. Mihazakazaka tahaka izay ihany koa ny fanaovana ireo asa fanatsarana sy famitana ny fotodrafitrasa hanaovana ny lalao. Dia asa moa ao anatin'izany raha hifangaro ny fahamehana ny ny fikoropahana fa ny lara-hamanaiky aloha dia voninahy-pirenena no arovana fatratra na izany eo amin'ny fikarakarana sy fandraisana ny lalao amin'ireo taranja samihafa na izany ho an'ireo atleta mikatsaka medaly volamena sy fandresena ! Fa tsy ny mpanao sy mpikarakara fanatanjahantena ihany no mihazakazaka amin'izao volana aogositra izao fa ireo mpanao politika indrindra ihany koa. Na izy mikasa ny hilatsaka ho kandida hofidina ho filoham-pirenena miaraka amin'ny mpanohana azy na izy mpisehatra eo amin'ny raharaham-pifidianana ! Efa miseho lany amin'ny alalan'ny fanambarana sy ny zavatra atao mantsy ireo mihazakazaka ho eny lavoloha. Na izany avy amin'ny mpanohitra na izany avy amin'ny mpanohana ny fitondrana. Hatreto aloha maha-be resaka momba ny filatsahan-kofidina ny amin'ny antobola 200 tapitrisa ariary sy ny amin'ny fizakana zom-pirenena hafa ! Amin'ny mpisehatra ny raharaham-pifidianana, samy mihazakazaka na ny vaomiera mpikarakara na ny mirotsaka ho mpanara-maso mandamina ny raharaha manandrify azy. Asa moa raha lazaina ho ao anatin'izany ny fihanonana hataon'ny FFKM amin'ireo mpanao politika ny 30 aogositra ho avy izao mianjera indrindra ao anatin'ny fihanonambem-pirenena FFKM taorianan'ny fihanonambem-paritra samihafa nataony ! Hazakazaka avokoa ireo ka ho hita izay ho tonga voalohany !

Herivonjy RAJAONAH

IFi - Boriborintany voalohany

Miantso ny Filoha Rajoelina hirotsaka hofidiana



Ireo mpitarika ny fikambanana IFI nanao fanambarana tetsy 67 ha ny sabotsy teo.

Antomotra ny fifidianana ! Miantso ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina hirotsaka hofidiana amin'ny fifidianana filoham-pirenena hotanterahina ny 9 novambra ho avy izao ny fikambanana IFI (Isika Fikambanana miaraka amin'ny Andry Rajoelina) ao amin'ny boriborintany voalohany. Nandritra ny notanterahin'izy ireo tetsy 67 ha ny sabotsy teo no nanambaran'ny izany. « *Tsy ampy ny fotoana nitondran'ny Filoha Andry Rajoelina hanatanterahana ny ny velirano nampanantenainy noho ny fisian'ny valanaretina covid-19 sy ny ady tany Ukraine, ka tokony hotohizina. Mangataka azy hiverina hirotsaka izahay, satria ny fampanandroana entin'ny Filoha mihitsy no ilain'ny Malagasy* », hoy Rtoa Jonastine, filohan'ny fikambanana IFI ao amin'ny boriborintany voalohany raha nitafa tamin'ny mpanao gazety teny 67 ha, ny sabotsy teo. Nanentana ny vahoaka malagasy tsivakivolo mba handray anjara mavitrika amin'ny fifidianana ho avy ihany koa ity filohan'ny fikambanana ity. Nanamafy antso avo amin'ny filoha Rajoelina ihany koa moa ny vehivavy silamo mpitambatra ao amin'ny IFI, boriborintany voalohany.

Niry R.

Bakalôrea

Niakatra 57,89 isanjato ny taham-pahafahana tao Fianarantsoa

Ny sokajy A1 no mana-na taham-pahafahana ambony indrindra.

Nivaly omaly ny fanadinan-panjakana bakalôrea tao Fianarantsoa. Mpiadina 19 985 tamin'ireo 34 521 nisoratra anarana no afaka, na ny 57,89 isanjaton'ny mpiadina. Niakatra ny taham-pahafahana raha nampitahaina tamin'ny vokatra azo tamin'ny taon-dasa, satria teo amin'ny 43, 95 isanjato ny tamin'ny taom-pianarana 2021-2022. Raha hiverenana ny vokatra azo tao amin'ny renivohitra ny faritra Matsiatra Ambony tamin'ity taom-pianarana 2022-2023 ity dia nahatratra 57, 95 isanjato ny taham-pahafahana ho an'ny sokajy ankapobeny, na mpiadina 19 372 tamin'ireo 33 428 voasoratra anarana. Tao amin'ny sokajy A1 no ambony indrindra izany, satria tafakatra 72, 61 isanjato. Ny sokajy S kosa no ambony indrindra, izay teo amin'ny 30, 28 isanjato. 66, 18 isanjato ny taham-pahafahana ho an'ny sokajy L, 63, 61 isanjato ho an'ny sokajy C, 62, 39 isanjato ho



Efa tsy mahatombin-tsiraka miandry ny fivoahan'ny valim-panadinana ireo mpiadina ambony manerana ny Nosy. (Tahirin-tsary)

an'ny sokajy A2, 53, 99 isanjato ho an'ny sokajy OSE, ary 44, 01 isanjato ho an'ny sokajy D. Raha ho an'ny sokajy tekinika kosa dia 56, 08 isanjato ny taham-pahafahana, na mpiadina 613 tamin'ireo 1 093 voasoratra anarana. Ny tao Fianarantsoa araka izany no namoaka ny valim-panadinana voalohany tamin'ity bakalôrea 2022-2023 ity.

Korontana

Tsihivina fa nisy 215 630 ireo mpiadina manerana ny

Nosy niatrika ny fanadinana bakalôrea nanomboka tamin'ny 17 jolay lasa teo. Niteraka fikorontanana tany amin'ireo foibem-panadinana manerana an'i Madagasikara ny fivoahan'ny laza adina alohan'ny fotoana, ka voatery niatrika ny adina tao anatin'ny haizina ny anka-marohan'ny mpiadina noho ny fandaminana napetraky ny tomponandraikitra. Nanapa-kevitra nampamerina ny adina tantara sy jeôgrafia ho an'ny sokajy

rehetra, ankoatra ny tekinika sy ny OSE, ny fanjakana taorian'izany ary nanome baiko ny hanomezana naoty fanampiny ho an'ireo mpiadina. Olona am-polony no efa nampidirina am-ponja tao anatin'ity raharaha ity. Mbola nahitana korontana koa tamin'ny fitsarana ny fanadinana, toy ny fifamadihan'ny laza adina, sns. Miandry ny fivoahan'ny valim-panadinana ny faritra hafa manerana ny Nosy.

R. Muray

Kaominina Mahajanga

Mpiasa iray mitaraina ho tsy nandray karama an-taonany maro

Very fanahy mbola velona ny mpiambina iray ao amin'ny hopitaly CHU Mahabibo, mpiasan'ny kaominina Mahajanga. "Nanomboka ny taona 2006 no tsy nandray karama ny tenako. Nitody tany amin'ny sampandraharaha misahana ny fitsirihana ny asa aho ka nandresy teny anivon'ny Fitsarana. Nivoaka ny didy tamin'ny taona 2014, izay mandidy ny kaominina handoa lamandy 5 tapitrisa Ariary amiko sy ny onitra nangatahiko. Mandraka ankehitriny anefa dia tsy nisy mihitsy ny fanatanterahana ity didy ity fa dia narirarira teny hatrany ny tenako na dia efa nanatona ireo sampandraharahan-panjakana sy rafitra maro samihafa misahana ny Fitsarana sy ny ady amin'ny kolikoly aza", hoy ity raim-pianakaviana ity. Tsy ho ela intsony, satria afaka dimy taona dia andeha hisotro ronono ny tenany. Manao antso avo amin'ny fitondram-panjakana ny tenany mba hijery akaiky ity raharaha ity. Mbola miasa ao ihany moa ny tenany hatramin'izao fotoana izao na dia tsy mandray karama mihitsy aza, saingy rehefa malahelo azy ireo tompondraikitra vao mba manome 40 000 Ariary ka hatramin'ny 100 000 Ariary isaky izay mahatsiaro. Mpiasa 12 izy ireo no voalaza fa voakasik'ity raharaha ity, saingy ny tenany ihany no sahy nijoro nitondra ny raharaha teny amin'ny Fitsarana. Ireo namany kosa natahotra dia tsy nisy sahy niteny ary nisy aza moa no voalaza fa efa lasa nandeha nisotro ronono ary tsy nisitraka ny zony akory.

R. Muray

Ministry ny harena an-kibon'ny tany

Nanohana ireo mpilalao tsipy kanetibe teny Vontovorona



Fanindroany no nahazo fanampiana avy tamin'ny fitondram-panjakana ireo mpilalao tsipy kanetibe.

Andro sisa no isaina dia higadana ny lalaon'ny Nosy andiany faha-11. Tamin'ny alakamisy lasa teo dia nitsidika fanindroany ny fampivondronana sy ny fanazaran-tena ataon'ireo mpilalao tsipy kanetibe tao amin'ny "Complexe sportif CNaPS" Vontovorona ireo Minisitry roa lahy mpiahy ity taranja ity, dia ny Minisitry ny harena an-kibon'ny tany sy ny loharanon-karena stratejika sy ny Minisitry ny asa sy ny asam-panjakana sy ny fampanana asa ary ny lalàna sôsialy. Ankoatra ny tohana ara-tsaina ho fampaherezana ireo mpilalao hiaro ny voninahy-pirenena, nisy ny fanolorana ny fanampiana avy amin'ny Filoham-pirenena sy ny fitondram-panjakana, dia vola mitentina 9 tapitrisa Ariary, ranom-boankazo, fanafody, ary sakafo. Mbola nitondra ny anjara birikiny koa ireo mpanohana ity taranja ity. Naneho fiantombohan-po sy fankaherezana ireo mpilalao

ny minisitry Rakotomalala Olivier Herindrainy ary nanambary fa eo akaikin'ireo mpilalao mandrakariva ny tenany ary manohana azy ireo koa izy mirahalahy minisitry mpiahy sy ny fitondram-panjakana. "Ao anatin'ny fanazaran-tena tanteraka ireo mpilalao lahy sy vavy ary vonona hiaro ny voninahy-pirenena sy handrombaka medaly amin'io lalaon'ny Nosy io.", hoy ny solontenan'ny mpilalao, Andrianasolo Hariliva Zonandrianina, na Ram's. Nohamafisin'ny filohan'ny federasiônina, Andriambelomirovason Moez, fa tsy hitsanga-menatra ireo manampy sy manohana ny taranja tsipy kanetibe. Tsihivina fa mpilalao 28 no handray anjara amin'ity fifaninana ity, izay miaraka amin'ny mpanazatra sy tompondraikitra efitra. Tsy hijanona ny fanampiana sy fampitaovana azy ireo, satria mbola hisy ny fanomezana fanamiana iombonana sy kojakoja hafa ilain'izy ireo amin'ny fiomanana sy ny fanazaran-tena.

R. Muray

Fiarovana ny tontolo iainana

Nanaitra ny fitondram-panjakana ny fiarahamonim-pirenena

Nivoaka tamin'ny fahanginany ny fiarahamonim-pirenena. Araka ny fanairana miaraka nataon'ny TAFO MIHAOVO, ny CNPE (Coalition Nationale de Plaidoyer Environnemental), ny OSCIE (Organisation de la Société Civile sur les Industries Extractives), ary ny Lampogno, dia notakian'izy ireo ny fanendrena ny tale jeneralin'ny ONE, na ny ofisim-pirenena misahana ny tolona iainana, ao anatin'ny fotoana fohy manoloana ny ambana amin'ny tontolo iainana amin'izao fotoana izao. Efa tamin'ny 17 may lasa teo no nesorina tamin'ny toerany ny tale jeneraly teo aloha. Ny sekretera jeneralin'ny minisiteran'ny tonolo iainana sy ny fampandrosoana lovinajafy no sady filohan'ny filankevi-pitantan'ny ONE no mitana vonjimaika io toerana banga io mandraka ankehitriny. Manahy ireto fiarahamonim-pirenena ireto amin'ny mety hifangaroan'ny fahefana mpanatanteraka eo anivon'ny fitantanana foibe sy ny fahefana mpanara-maso ny minisiteran'ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana lovinajafy. Anisan'ny mampanahy ireto fiaraha-



Manahy amin'ny mety firongatry ny fanimbana tontolo iainana ireo fiarahamonim-pirenena. (Tahirin-tsary)

monim-pirenena ireto ny fidiriana ao anatin'ny fotoampifidianana, izay mampirongatra ny fandrohana sy ny fanondranana ny harem-pirenena an-tsokosoko eo anatrehan'ny tsy fahombi-azan'ny fampiharana ny lalàna matetika. Eo indrindra no nambaran'izy ireo fa tokony hijoroan'ny ONE, indrindra fa amin'ny fanaraha-maso ireo tetikasa lehibe mandeha ankehitriny toy ny fanatanterahana ny tanàna vaovao, ny fitaterana mihantona an-tariby, ny lalambe mikodana, ny fitaterana an-dalamby antanàn-dehibe, sns. Nofaritan'ny didim-panjakana laharana 2008 - 600 tamin'

ny 23 jona 2008 rahateo fa ny ONE dia manara-maso

ny fanajana ny tonolo iainana ao anatin'ireo tetikasa fampiasam-bola. Notakian'ireto fiarahamonim-pirenena ireto koa ny hanasarahana ny fahefana mpanatanteraka ny ONE sy ny fahefana mpanara-maso ny Minisiteran'ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana lovinajafy eo anivon'ity rafitra ity, ny hanoloana ny toeran'ireo mpiasa ambony nandeha nisotro ronono, ary ny hana-vaozana ny didim-panjakana hoentina mandanjalanja ny fampiasam-bola sy ny tontolo iainana.

R. Muray

Gazetiko

Novokarina sy natontan'ny MIDY MADAGASIKARA S.A.
Sôsiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Tale jeneraly :
Jeremy RABESAHALA
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitrinarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél : 22 697 79 / 22 697 80
Fax : 22 273 51
e-mail : midigazetiko@gmail.com
D.L.I : 16 230 - 08 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

Salade ovy

Ireo zavatra ilaina : Ovy, vinaigrette, menaka oliva, sira sy poivre, menaka
Fikarakarana azy : Tete-hina boribory ny ovy dia andarahoina tsy atao masaka be, rehefa vita izay dia arotsahy amin'izay ilay vinaigrette ary avelao hilonina mandritra ny 15 minitra. Alohan'ny handrosoana azy vao rarahina menaka oliva araka izay itaviana azy ary azo asiana mortadelle kely koa, na fromazy, araka izay itaviana azy. Asiana eran'ny sotro menaka tsotra ihany koa. Afangaro tsara avy eo. Dia arosoy fa vita ny salad'ny ovy.